# NY LAHATSORATRA FAMOTOPOTORAN-KEVITRA

## Famaritana:

Lahatsoratra tsy mirindra entin'ny mpanoratra hanadihadiana sy mamelabelatra lohahevitra iray ny lahatsoratra famotopotoran-kevitra.

-

## Sokajiny:

Lahatsoratra manoritsoritra

Lahatsoratra manazava hevitra

Lahatsoratra mandresy lahatra

Indraindray dia mety hiaraka ireo sokajy ireo ao anaty lahatsoratra famotopotoran-kevitra iray, arakaraka ny mpanoratra azy ihany.

* Tsara ihany koa ny manamarika eto fa misy ny sokajin-dahatsoratra mitantara izay tsy mba isan'ny Lahatsoratra famotopotoran-kevitra

-

# LAHATSORATRA MANORITSORITRA

## NY SOKAJIN-DAHATSORATRA MANORITSORITRA

**Famaritana :**

Lahatsoratra mandoko zavatra iray ka manasongadina ny toetrany, ny endriny, ny fihetsiny, ny bikany, ary ny zavatra hita eo aminy ny lahatsoratra manoritsoritra.

**Ny firafiny :**

Misy lamina arahin'ny mpanoratra izay tsy mikorontana
Misy fatra ataon'ny mpanoratra: habe , hafohy, halava, hakely
Misy sehatra ifantohan'ny fijery sy ny fisainana
Oh: zavatra, bika, toetran'olona, toerana

**Ny mampiavaka azy:**

*Endrika ivelany:*

Ahitana betsaka an'ireto:
Filazam-potoana ankehitriny amin'ny matoanteny
Mari-piatoana
Mpamari-toetra
Tambin-teny sy mpanampy
Mpisolo isakarazany
Sarin-teny fampitahana, toy ny fanomezana aina ny tsy manana aina
Teny verindroa
Fehezanteny fohy

*Vontoatiny*

Toy ny mahita mivantana sy mahazo sary an-tsaina ny zavatra soritsoritana ny mpamaky.
Tsy misy mpandray anjara afa-tsy ny mpanoratra ihany.

# LAHATSORATRA MANAZAVA HEVITRA

## NY SOKAJIN-DAHATSORATRA MANAZAVA HEVITRA

**Famaritana:**

Lahatsoratra mamakafaka, manadihady, mamelabelatra na mivaofy lohahevitra iray ny lahatsoratra manazava hevitra: mikendry ny hampita hafatra na hevitra, fanampim-panazavana, fanampim-pahalalana misarika ny mpamaky handinika na hikaroka.

**Ny firafiny:**

Misy andininy miendrika fampidirana ka mety hamaly ny iray amin'ireto fanontaniana

ireto:

- Ahoana no anehoana ireo?
- Ahoana ny fisehony?
- Manahoana ny fizotrany?
- Inona no antony?
- Inona no vokany? ...

Ahitana andininy maromaro manazava ny antony sy ny vokany na koa famahana olana.

- Misy andininy toy ny famaranana izay mety hametraka olana vaovao azo vahana any amin'ny lahatsoratra hafa.

**Ireo mampiavaka azy:**

- Ny fampiasana ny filazampotoana ankehitriny.
- Ahitana teny na andianteny anaty faragony sosona
- Ahitana teny anaty fonon-teny
- Tsy hita soritra ny mpanoratra fa izy ihany no manazava
- Mety ahitana endrika fifamalian-dresaka ny fanazavan-kevitra tsy mitovy
- Mety misy sorabaventy na soramandry
- Mety hisy teny mihataka amin'ny fampiasa andavanandro
- Ahitana fehezanteny lava misy mpampitohy na mpampiankina, toy ny : sy, fa, kanefa, ...
- Ahitana an'ireo voambolana manazava:
  - Araka izany
  - Izany hoe
  - Ny atao hoe
  - Noho izany
  - Izany no atao hoe
  - Satria
  - Vokatr'izany....

-

# LAHATSORATRA MANDRESY LAHATRA

## NY SOKAJIN-DAHATSORATRA MANDRESY LAHATRA

**Famaritana:**

Lahatsoratra natao hitaona ny mpamaky na koa hisarika ny sainy mba hanaraka ny hevitry ny mpanoratra.

### Ny firafiny:

- Ahitana ny tsangan-kevitra sy tohan-kevitra
- Misy andininy manazava ahitana andininy na fehezan-teny mandresy lahatra na mitaona ny mpamaky
- Indraindray dia sady manazava no mandresy lahatra ny mpanoratra

### Ireo mampiavaka azy:

- Ny fampiasana ny ohabolana na oha-pitenenana.
- Miditra ao amin'ny lahatsoratra ny mpanoratra ka mampiasa ny mpisolo tena:
  - -ko; izahay; -ntsika; isika, ...
- Mampiditra ny mpamaky ho isan'ny mpandray anjara ihany koa izy ka mampiasa ny mpisolo tena : -nao, ianareo.
- Ahitana teny aman-tovana mandidy
- Ahitana ny filaza mandidy mandrara : aza, mba
- Ahitana ny filaza mandidy mirary: samia, enga anie, aoka mba, andeha, antenaiko fa, miangavy, mitalaho, tokony ...
- Ahitana ny filaza mandidy manery: tsy maintsy, mandidy antsika..., tsy azo ialana,
- Ahitana ny andian-teny fanamafisan-kevitra: Izay indrindra; Raha mitohy izao; Raha miezaka isika; Koa entanina isika; Raha miara mientana isika; ...

-

## OHATRA AMIN'NY LAHATSORATRA FAMOTOPOTORAN-KEVITRA

Ny siansa sy ny fivavahana: tamin'ny vanim-potoana ny fankan-tahaka

*Torohevitra amin'ny bal* _RADIUM RHOSALIS (RAMAHOLIMIHASO)

*Ny fanagasiana* _ EDA

*Filozofia Malagasy* _*R.P RAHAJARIZAFY*

*Ny finona sy ny fombany* _ *Adolphe RAZAFITSALAMA*

*Fanabeazana sy fiainam-pirenena* _ *Fety Michel*